**FIKAMBANAN'NY LAVANILA MALAGASY (AVM)**
*(fantatra taloha hoe Filankevi-Pirenena momba ny Lavanila - CNV)*

Fikambanana ekena ho manana tombontsoa ho an'ny daholobe, natsangana araka ny Didim-panjakana laharana faha-2021-548 tamin'ny 19 Mey 2021 momba ny fandaminana ny sehatry ny lavanila, izay nasiam-panovana sy fanampim-panazavana tamin'ny Didim-panjakana laharana faha-2026-836 tamin'ny 8 Aprily 2026.

**Foibe:** Tranon'ny Lavanila, Antalaha, Faritra SAVA.

# ANTSO HO AN'NY FANEHOANA FAHALIANANA LAHARANA 003/AVM/2026

**Fisafidianana mpandraharaha hiara-hiasa anatin'ny paikady fividianan'ny Fikambanan'ny Lavanila Malagasy (AVM) tahirin-davanila voakarakara izay miteraka adidy hividy lavanila maitso any amin'ny faritra ANALANJIROFO, VATOVAVY, FITOVINANY, ATSIMO-ATSINANANA**

## 1. *TOE-JAVA-MISY*

Anatin'ny fanatanterahana ireo fanapahan-kevitra noraisina nandritra ny fivoriana voalohan'ny Filankevi-pitantanan'ny AVM izay natao ny 04 sy 05 Jona 2026, ny **Fikambanan'ny Lavanila Malagasy (AVM)** dia mampihatra rafitra manokana hampihenana ny tahirin-davanila voakarakara. Ny tanjon'izany dia ny hanohanana ny sehatry ny lavanila, hanatsarana ny fidiram-bolan'ny mpamokatra ary handray anjara amin'ny fanarenana sy fampiroboroboana ny tsena.

Araka ny fanapahan-kevitry ny Filankevi-pitantanana dia atao laharam-pahamehana any amin'ny faritra **ANALANJIROFO, VATOVAVY, FITOVINANY sy ATSIMO-ATSINANANA** ity hetsika ity, mba hahafahana manohana haingana ireo mpamokatra any amin'ireo faritra isian'ny taom-pivarotana efa misokatra ireo.

Ity **Antso ho an'ny Fanehoana Fahalianana** ity dia avoaka araka ireo fanapahan-kevitry ny Filankevi-pitantanan'ny AVM mikasika ny rafitra fividianana tahirin-davanila voakarakara, miaraka amin'ny adidy hividy lavanila maitso.

## 2. *ANTON'NY ANTSO HO AN'NY FANEHOANA FAHALIANANA*

Ity **Antso ho an'ny Fanehoana Fahalianana** ity dia natao mba hahafahana misafidy ireo **mpanondrana** sy **mpanangom-bokatra sy mpanomana** manana tahirin-tsokajin-davanila voakarakara izay mahafeno fepetra ka azon'ny AVM vidiana.

Ny tahiry atolotra hovidian'ny AVM dia mety ho hita any amin'ny faritra rehetra manerana an'i Madagasikara.

Ho setrin'ny fividianan'ny AVM ny tahirin-tsokajin-davanila voakarakara ananany, ireo mpandraharaha voafantina dia tsy maintsy manolo-tena hividy **lavanila maitso** avy amin'ireo mpamokatra ao amin'ny faritra **ANALANJIROFO, VATOVAVY, FITOVINANY** na **ATSIMO-ATSINANANA**, araka ny habetsahana sy ireo fepetra voafaritra ato anatin'ity antso ity.

Ny faritra iankinan'ny hetsika dia faritana manokana araka ny faritra izay anoloran'ilay mpandraharaha fanoloran-tena hividianana lavanila maitso amin'ireo mpamokatra, fa tsy araka ny toerana misy ny tahirin-tsokajy lavanila voakarakara, na ny foiben-toerany, na ny toerana iasany.

3. ***HABETSABEHANA VOAKASIKA***

Araka ny tapaky ny Filankevi-pitantanan'ny AVM, ireto avy ny habetsahana fototra raisina amin'ny hetsika :

## Faritra ANALANJIROFO

1. Habetsahana ambony indrindra amin'ny lavanila voakarakara azon'ny AVM vidiana: 75 taonina
2. Habetsahan'ny lavanila maitso tokony hovidiana amin'ny mpamokatra mifandraika amin'izany: 375 taonina

## Faritra VATOVAVY

1. Habetsahana ambony indrindra amin'ny lavanila voakarakara azon'ny AVM vidiana: 9 taonina
3. Habetsahan'ny lavanila maitso tokony hovidiana amin'ny mpamokatra mifandraika amin'izany: 45 taonina

## Faritra FITOVINANY

1. Habetsahana ambony indrindra amin'ny lavanila voakarakara azon'ny AVM vidiana: 9 taonina
4. Habetsahan'ny lavanila maitso tokony hovidiana amin'ny mpamokatra mifandraika amin'izany: 45 taonina

## Faritra ATSIMO-ATSINANANA

1. Habetsahana ambony indrindra amin'ny lavanila voakarakara azon'ny AVM vidiana: 9 taonina
5. Habetsahan'ny lavanila maitso tokony hovidiana amin'ny mpamokatra mifandraika amin'izany: 45 taonina

## Fitsipika momba ny tahan'ny fividianana

Ny rafitra dia miorina amin'ity tahan'ny adidy manaraka ity :
1 kilao lavanila voakarakara vidian'ny AVM dia manome zo hividy 5 kilao lavanila maitso amin'ireo mpamokatra.

4. ***MPANDRAHARAHA AFAKA MIFANINANA***

Afaka mametraka antontan-taratasy fangatahana amin'ity Antso ho an'ny Fanehoana Fahalianana ity :

- ireo **mpanondrana lavanila nahazo fankatoavana ara-dalàna** ;
- ireo **mpanangona sy mpanomana lavanila nahazo alalana ara-dalàna hiasa**.

Afaka miorina sy miasa any amin'ny faritra rehetra manerana an'i Madagasikara ireo mpandraharaha ireo.

5. ***FEPETRA TAKIANA HAHAFAHANA MIFANINANA***

Ireo kandidà dia tsy maintsy mahafeno ireto fepetra manaraka ireto :

*a) Fotodrafitrasa*

Tsy maintsy manana fotodrafitrasa mifanaraka amin'ny fitahirizana sy fanomanana lavanila, indrindra :

- trano fanatobiana entana;
- trano fanomanana lavanila;
- fitaovana ilaina amin'ny fitahirizana sy fiarovana ny vokatra.

*b) Toe-draharaha ara-pitantanana*

Tsy maintsy manana :

- karatra hetra (carte fiscale) manan-kery;
- karatra manan-kery maha-mpanomana lavanila na fahazoan-dalana manan-kery maha-mpanondrana;
- fanamarinana maha-ara-dalàna manoloana ny adidy fampodiana ny vola vahiny azo avy amin'ny fanondranana. Ity fepetra ity dia hohamarinina miaraka amin'ireo sampan-draharaha sy rafitra mahefa.

*c) Fanambarana sy fanaraha-maso ny tahiry*

Ny kandidà dia tsy maintsy :

- nahavita fanambarana tahiry voakasika tamin'ny fitondram-panjakana mahefa;
- manaiky ny fanaraha-maso mivantana sy ara-taratasy ataon'ny fitondram-panjakana mahefa sy/na ny AVM;
- manana tahiry tena misy, voamarina ary nekena taorian'ny fanaraha-maso natao.

*d) Fahafahana manara-dia ny niavian'ny vokatra (Traçabilité)*

Tsy maintsy afaka manaporofo ny niavian'ny vokatra atolotra hovidian'ny AVM amin'ny alalan'ny fanolorana ireo porofon'ny fandoavana ny tamberim-bidy.

*e) Fanoloran-tena hividy lavanila maitso*

Tsy maintsy manao sonia fanoloran-tena ara-pomba ofisialy momba ireto manaraka ireto :

- fanajana ny tahan'ny fividianana tsy maintsy arahina, izany hoe **1 kilao lavanila voakarakara vidian'ny AVM ho an'ny 5 kilao lavanila maitso vidiana amin'ny mpamokatra**;
- fividianana tena izy ny lavanila maitso ao amin'ny faritra nofidina (faritra **ANALANJIROFO, VATOVAVY, FITOVINANY** sy **ATSIMO-ATSINANANA**);
- fanajana ireo vidiny farany ambany napetraky ny AVM.

### *6. LAVANILA MAHAFENO FEPETRA*

Ny sokajy rehetra amin'ny lavanila voakarakara dia azo raisina ao anatin'ity rafitra ity, ka ahitana :

- lavanila mainty (vanille noire) ;
- lavanila mena (vanille rouge) ;
- sombin-davanila voafantina na tapaka (cuts).

Ny AVM dia mitahiry ny zony hanao ny fanamarinana rehetra ilaina momba ny kalitao, ny toetry ny vokatra ary ny fanarahan'ireo andiany (lots) atolotra ny fepetra takiana.

### *7. VIDY IVIDIANAN'NY AVM NY LAVANILA VOAKARAKARA*

Ireto avy ny vidy ividianana fototra napetraka :

| Sokajy | Vidy ividianan'ny AVM |
|---|---|
| Lavanila mainty (*Vanille noire*) | **140 000 Ariary/kg** |
| Lavanila mena (*Vanille rouge*) | **125 000 Ariary/kg** |

sombin-davanila voafantina na tapaka (cuts). **70 000 Ariary/kg**

8. ***ADIDY HIVIDY LAVANILA MAITSO***

Ireo mpandraharaha voafantina dia tsy maintsy mividy **lavanila maitso** amin'ireo mpamokatra ao amin'ny faritra voakasika, araka ireto **vidiny farany ambany** manaraka ireto :

| **Sokajy** | **Vidiny farany ambany** |
|---|---|
| Lavanila fohy – halavany latsaky na mitovy amin'ny 12cm | **5 000 Ariary/kg** |
| Lavanila lava – halavany mihoatra na mitovy amin'ny 13cm | **10 000 Ariary/kg** |

Ireo vidiny ireo dia vidiny farany ambany tsy maintsy hajaina, ka tsy azo vidiana ambanin'ireo vidiny ireo ny lavanila maitso amin'ireo mpamokatra.

9. ***ANTONTAN-TARATASY FANGATAHANA***

Ny antontan-taratasy fangatahana dia tsy maintsy ahitana ireto manaraka ireto :

*A. Taratasy ara-pitantanana*

1. **Taratasy fanehoana fahalianana** voasonia ara-dalàna ;
2. **Karatra hetra (Carte fiscale)** manan-kery na kopia voamarina mitovy amin'ny tany am-boalohany ;
3. **Karatra maha-mpanomana lavanila** manan-kery na kopia voamarina mitovy amin'ny tany am-boalohany, na **fahazoan-dalana maha-mpanondrana** manan-kery na kopia voamarina mitovy amin'ny tany am-boalohany ;
4. **Taratasy fanamarinana ny fanambarana tahiry**, voasonian'ny **Fitaleavam-paritry ny Varotra sy ny Fanjifana (Direction Régionale du Commerce et de la Consommation)** izay mahefa amin'ny faritra misy ilay mpandraharaha.

*B. Taratasy ara-teknika*

5. **Lisitra amin'ny antsipirihany momba ny tahiry atolotra hovidian'ny AVM**, izay tsy maintsy manondro indrindra :

- ny sokajin'ny lavanila (*mainty, mena na cuts*) ;
- ny habetsahana misy isaky ny sokajy ;
- ny toerana fitahirizana ;
- ny daty manodidina nanaovana ny fanomanana ;
- izay fampahalalana rehetra ahafahana mamantatra sy manara-maso ireo andiany (*lots*) ;
- sary vao haingana mampiseho ireo tahiry atolotra hovidian'ny AVM.

6. Famaritana ny fotodrafitrasa fitahirizana sy fanomanana**,** miaraka amin'ny sary vao haingana ahitana ireo trano sy trano fanatobiana entana voakasika**.**

7. Porofo fanamarinana ny fandoavana ny tamberim-bidy mifandraika amin'ireo andiany (*lots*) atolotra hovidiana.

*C. Fanoloran-tenan'ny Kandidà*

8**.** Faritra nofidina hanaovana ny fividianana lavanila maitso (faritra ANALANJIROFO, VATOVAVY, FITOVINANY sy ATSIMO-ATSINANANA) ;

9. Habetsahan'ny lavanila voakarakara atolotra hovidian'ny AVM ;

10. Habetsahan'ny lavanila maitso izay anoloran'ny kandidà tena fa ho vidiana ao amin'ny faritra nofidiana, araka ny tahan'ny fividianana tsy maintsy hajaina, izany hoe dimy (05) kilao lavanila maitso ho an'ny iray (01) kilao lavanila voakarakara vidian'ny AVM ;

11. Fanoloran-tena voasonia manamafy ny fanajàna ny adidy rehetra voafaritra ao anatin'ity Antso ho an'ny Fanehoana Fahaliana ity.

**Fandefasana ny Antontan-taratasy**

Ny antontan-taratasy fangatahana dia azo alefa :

- amin'ny endrika taratasy (format papier) ; na
- amin'ny endrika elektronika (format électronique).

Raha misy tsy fitoviana eo amin'ny kopia sy ny taratasy tany am-boalohany, dia ny taratasy tany am-boalohany na ny taratasy ara-dalàna sy manan-kery (document authentique) no raisina ho manankery sy itokisana.

### *10. FANDINIHANA IREO FANGATAHANA*

Ny AVM dia hanao fandinihana ara-pitantanana sy ara-teknika ny antontan-taratasy fangatahana mba hanamarinana fa mahafeno ireo fepetra takiana voalaza ato anatin'ity Antso ho an'ny Fanehoana Fahalianana ity ireo kandidà.
Ireo fangatahana voamarina ho mahafeno fepetra ihany no afaka misitraka ity rafitra ity.
Raha misy fangatahana maromaro mahafeno fepetra ao anatin'ny faritra iray ihany, ny habetsahan'ny lavanila voakarakara azon'ny AVM vidiana dia hozaraina araka ny tahan'ny tahiry nambara sy nohamarinin'ny fanaraha-maso nataon'ny fitondram-panjakana mahefa sy ny AVM, ary ao anatin'ny fetran'ny habetsahana mbola misy.

Ny AVM dia manana zo :

- hangataka antontan-taratasy fanampiny rehetra ilaina ;
- hanao fanamarinana sy fanadihadiana rehetra heveriny fa ilaina amin'ny fandinihana ireo fangatahana.

### *11. FIFANARAHANA*

Tsy maintsy manao sonia fifanarahana miaraka amin'ny AVM sy ny Fitondram-panjakana ireo kandidà voafidy. Ity fifanarahana ity dia hamaritra ny zo sy ny adidin'ny andaniny sy ny ankilany ao anatin'ny rafitra, ao anatin'izany ny habetsahana voafaritra, ny fomba fanaraha-maso, ny fepetra fandoavam-bola, ny adidy amin'ny fividianana lavanila maitso, ary ny fandaminana ny fitehirizana ny tahiry novidina.

Ny tsy fanaovana sonia ny antontan-taratasy ilaina ao anatin'ny fe-potoana voafaritry ny AVM dia hiteraka fahaverezan'ny loka.

### *12. FANARAHA-MASO SY FAMAIZANA*

Ny AVM sy ny Minisiteran'ny Varotra sy ny fanjifana dia afaka manao ny fisavana ilaina rehetra mifandraika amin'ny:

- amin'ny tahiry atolotra;
- amin'ny fividianana lavanila maitso;
- ny fanarahana ny fanekena natao.

Ny fanitsakitsahana ny fanekena natao dia mety hiteraka:

- fanilihana amin'ny rafitra;
- fanonerana ny vola voaray diso tafahoatra na ny tombontsoa azo;
- izay fepetra hafa voafaritry ny fitsipika manan-kery.

### *13. FOMBA FITAHIRIZANA NY TAHIRY NOVIDIANA*

Ny tahiry lavanila efa voakarakara novidian'ny AVM dia mijanona ho voatahiry vonjimaika ao amin'ny trano fitehirizan'ny mpandraharaha mivarotra mandritra ny enim-bolana fara-fahabetsany.

Ity fitahirizana ity dia fehezin'ny:
- tatitra momba ny entana;
- fifanarahana an-tsoratra eo amin'ny AVM sy ny mpandraharaha;
- fisafoana tsy tapaka ataon'ny AVM.

Ny mpandraharaha dia mijanona ho tompon'andraikitra amin'ny fitahirizana tsara ny vokatra mandritra io vanim-potoana io.

### *14. FAMETRAHANA NY ANTOTAN-TARATASY*

Ny fangatahana dia tsy maintsy apetraka alohan'ny **17 Jolay 2026** amin'ny **17 ora**:

- any amin'ny Fitaleavam-paritry ny Varotra sy ny Fanjifana mifandraika amin'izany;

na

- alefa amin'ny endrika elektronika amin'ity adiresy manaraka ity: achatavm@commerce.mg

### *15. TETIANDRO FANOROANA*

| Dingana | Daty |
|---|---|
| Famoahana ny AMI | _11 Jolay_________ |
| Daty farany fametrahana ny antotan-taratasy | _17 Jolay_________ |
| Fanamarinana sy fanaraha-maso ny antotan-taratasy | _ 20-21 Jolay ____ |
| Famoahana ny valiny | _22 Jolay_________ |
| Fanaovan-tsonia ny fifanarahana | _23 Jolay_____ |
| Fanombohana ny fividianana lavanila | _24 Jolay_________ |

Natao teto Antananarivo, ny _11 Jolay 2026_.

**Ny Filohan'ny Filankevi-pitantanan'ny Alliance de la Vanille Malagasy (AVM)**

**Ramatoa Minisitry ny Varotra sy ny Fanjifana**